Paris,le 7 Mars 1954

Ho an'ny Mpianatra Malagasy Protestanta
aty Frantsa.

Ry rahalahy sy anabavy malala ao amin'ny Tompo,

Angamba ny maro amintsika, na isika rehetra aza, dia liana ta-hahalala ny momba ilay Mpitandrina ho an' ny Mpianatra malagasy aty an-dafy. Koa dia indro, manome izao fanazavana azo ambara manaraka izao izahay.

Efa fantatsika aloha fa ny foto-kevitra dia efa nekena sy nolaninà ara-dalàna. Izany hoe ny Fiangonana Protestanta rehetra any an-tanindrazana, miombona ao amin' ny Conférence Intermissionnaire, dia niara-nahatsiaro ny antony ilàna Mpitandrina manokana ho an' ny Mpianatra Malagasy aty an-dafy. Dingana lehibe voalohany no afaka iny. Mby ao amin' ny fanatanterahana izay efa nekeny ireo havantsika. Tiana ho fantatsika fa efa misy "Statut" vita antsoratra mipetraka momba ny raharaha. Manaraka izany, ny fizaràna ny "Budget" dia efa natao, izany hoe ny Misiona enina dia efa samy mahalala ny anjara tokony ho an' ireo Fiangonana isdidiany avy.

Aoka anefa isika tsy halahelo loatra, satria mbola tsy azo antenaina ho tonga aty amintsika amin' ity taona ity ilay Mpitandrina. Sarotra ny mango zavatra, indrindra raha zava-dehibe toy itony. Amin' ireo Misiona enina dia misy roa mbola tsy afaka nampiditra ny anjarany raha tsy amin' ny "Budget" 1955.

Tsarovy fa raharahan' Andriamanitra izy ity, izany hoe Andriamanitra no tena miasa hahatanteraka azy araka ny sitrapony. Matetika isika olombelona dia mila ny zavatra rehetra ho to avy hatrany àraka izay irintsika fotsiny. Andriamanitra kosa anefa mahalala ny fotoàna efa noheveriny ho antonona ny fanatanterahana ny zavatra sasany

Aoka hampahery antsika ny fahalalana fa manana toerana ao am-pon' ny havantsika any an-tanindrazana tokoa ity raharaha ity. Tsy Fiangonana iray na Misiona iray fa ny fivondronam-ben' ny Fiangonana Protestanta rehetra any mihitsy no efa nanaiky sy eo am-panatanterahana azy. Ary na dia hatramin' ny fifidianana izay Mpitandrina halefa aza dia noraisin' ny "Comité Intermissionnaire" ho ddidy mivantana mihitsy, fa tsy ho araka ny fomba mahazatra.

Tsarovy koa anefa fa ao amin' ny "Statut" dia misy hoe: Ny fiveloman' ilay Mpitandrina,dia ny Fiangonana Malagasy miray amin' ny Comité Intermissionnaire, sy ny Mpianatra Malagasy aty Frantsa no miara-mitondra araka izay tandrifiny avy..... Efa nanomboka ny fiomanany ny havantsika any an-tanindrazana. Aoka koa isika tsy hanadino fa hihevitra ny antsika. Matoky isika fa tsy hangataka amintsika mihoatra noho izay zakantsika rizareo any. Nefa ara-draringy tokoa raha mba mahatsiaro sy manefa araka izay manandrify antsika isika.

Santionany iray monja amin' ny fiomanana tokony hatao ntsika rehetra Mpianatra aty Frantsa, ohatra, ny mividy ny fiasana

sasany tsy maintsy hilain' ilay Mpitandrina amin' ny fanaovana ny raharahany, toy ny "machine à écrire" sy "ronéo"...Ary tsy ny asan' izy irery no hilàna ireo, fa ny raharahantsika ankapobeny mihitsy. Amimpahatsorana no ilazanay fa nampahery anay namanareo eto Paris ny taratasy voarainay avy aminareo aty amin' ny Provinces, samy mankasitraka noho ny "Fehizoro" sy mangataka fampitomboana ny isan' ny Gazety halefa amin' ny manaraka. Aoka ho fantatrareo anefa ny fahoriananay amin' ny tsy fanenantsika fiasana, ka mitotototo lava izao mindrana isaky ny hiasa. Vonona hanome fahafaham-po anareo araka izay azonay atao tokoa izahay. Nefa miénkina amintsika rehetra koa ny tena fahatanterahan' izany. Koa dia mangataka antsika rehetra, samy hazoto hiforimbona amin' izao "Souscription" misokatra izao, mba ho entintsika mividy fiasana. Sady efa fitsinjovantsika ny fihavian' ilay Mpitandrina ho antsika izany, no ho antoky ny fahalavorarian' ny asantsika ankapobeny amin' ny ho avy.

Izany ary, ry namana malala isany, no tianay hambara aminareo. Ary mbola manararaotra izao izahay hampahatsiaro anareo fa mahafaly anay mandrakariva ny handray artikla mbamin' ny vaovao samy hafa avy aminareo rehetra. Aoka ho tena "Fehizoro" mampiray antsika rehetra tokoa ny Gazetintsika. Izany no tena fanirian' ny fonay.

Dia manao veloma finaritra anareo rehetra amin' ny anaran' ny Tompontsika izahay. Izy anie hanome anareo fiadanana mandrakariva amin' ny zavatra rehetra.

J.W.RABEMANAHAKA

Mpitandrina